



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fivavaha - Tanindrazana - Fandrosoana



ASSEMBLEE NATIONALE
ANTENIMIERAMPIRENENA

**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2021**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FITANANA AN-TSORATRA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-121

**LANONAM-PANOKAFANA NY FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHAN'NY
ANTENIMIERAMPIRENENA, TAONA 2021**

Fivoriana Voalohany
Natao ny
Talata 4 Mey 2021
- Atoandro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA: Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina

FOTOANA: Talata 4 Mey 2021, tamin'ny 11 ora sy 35 minitra, atoandro.

FANDAHARAM-POTOANA: Lanonam-panokafana ny fotoam-pivoriana ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena, taona 2021.

- 1 -

- Fitohizan'ny fivoriana -

- Lakolosy -

Ramatoa FILOHA

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Hanokana fotoana fohy isika ho fahatsiarovana ny Solombavambahoaka voafidy tao Manakara sy ireo mpiray tanindrazana amintsika izay lavon'ny valan'aretina "covid-19".

- Fahanginana iray minitra -

Ramatoa FILOHA

Misaotra Tompoko.

Tompokolahy sy Tompokovavy.

Eto ampiandohana, tiako ny mampahafantatra antsika rehetra fa noho ny fihanaky ny valan'aretina misy eto amintsika amin'izao fotoana izao dia nandray fanapahan-kevitra ny Birao Maharitra fa hatao amin'ny alalan'ny fivoriana ampitain-davitra na "visio conf rence", ny fivoriana ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena amin'ity taona 2021 ity. Koa miangavy antsika Solombavambahoaka namana rehetra mba handray anjara mavitrika mikasika izany.

langaviana ary ny Mpitantsoratra hamaky ny andininy faha-75 ao amin'ny Lal mpanorenana.

- 2 -

- Famakiana ny andininy faha-75 ao amin'ny Lal mpanorenana -

Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Andininy 75 ao amin'ny Lal mpanorenana: Mivory ara-potoana indroa isan-taona ny Antenimierampirenena. Ny faharetan'ny fotoam-pivoriana isanisany dia ferana ho enimpolo andro.

Manomboka ny Talata voalohany amin'ny volana Mey ny fotoam-pivoriana voalohany ary ny Talata fahatelo amin'ny volana Oktobra kosa ny fotoam-pivoriana faharoa izay atokana indrindra amin'ny fandaniana ny lal na mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana.

Vita Ramatoa Filoha.

- Kabary nataon-dRamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena -**Ramatoa FILOHA**

Misaotra anao, Ramatoa, Mpitantsoratra.

Andriamatoa Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta;
Andriamatoa Filohan'ny Antenimierandoholona;
Andriamatoa Filohan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana;
Andriamatoa sy Ramatoa isany mpikambana ao amin'ny Governemanta;
Andriamatoa sy Ramatoa mpikambana ao amin'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena;
Andriamatoa Filohan'ny Vaomiera Mahaleotena Misahana ny Fifidianana;
Andriamatoa sy Ramatoa isany Solombavambahoakan'i Madagasikara, namana hajaina;
Ramatoa Mediatoran'ny Repoblika;
Andriamatoa Filohan'ny Filankevitra Ambony Miaro ny Demokrasia sy ny Tany Tan-dalàna;
Andriamatoa Filoha Lefitry ny Komitin'ny Fampihavanana Malagasy;
Ianareo mpandraharaha namana mpiara-miombon'antoka ary mpiara-miasa ato amin'ny Antenimierampirenena;
Ianareo mpanao gazety avy amin'ny haino aman-jery samihafa;
Ianareo olo-manan-kaja ambony Sivily sy Miaramila araka ny laharam-boninahitra misy anareo tsirairay avy, izay manatrika izao fampitan-davitra ny fivoriana izao.

Tompokolahy sy Tompokovavy.

Ny voalohan-teny manolona izao fihaonana ampitain-davitra izao dia fiarahabana antsika Solombavambahoaka rehetra tsy maty fo aman'aina manoloana ity areti-mandringana ity. Mbola velona isika tra-pamonjena na dia namoy namana tsy foy aza. Velona noho ny fitahian'Andriamanitra Tompo, ka isaorantsika azy izany.

Arahabaina manokana eto ihany koa, Andriamatoa RAMAROSON Bonaventure, notendren'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana ho Solombavambahoaka avy ao amin'ny Distrikan'i Manakara noho ny fodiamandrin'ny Solombavambahoaka ANDRIANO Giscard. Tonga soa ianao Andriamatoa Solombavambahoaka ary mirary anao hahatontsosa antsakany sy andavany ny asa ankinina aminao, ny Antenimierampirenena.

Efa miarahaba ihany isika, koa faly miarahaba ny Filohan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana vaovao izay voafidy teo ihany koa izahay ato amin'ity Andrimpanjakana ity. Mirary soa ho anao Andriamatoa Filoha hahefa antsakany sy andavany ny asa araka ny lalàna.

Tsy hadino torak'izany ary lehibe ny miarahaba ny Lehiben'ny Andrimpanjakana rehetra ary ianareo olo-manan-kaja ambony, izay manaraka izao lahateny fanokafana ny fotoam-pivoriana ara-potoana voalohany izao.

Misaotra indrindra, Tompoko, noho ny fanarahanareo izany, fa naman'ny manotrana sy manome voninahitra anay ihany ianareo amin'izany.

Tompokolahy sy Tompokovavy;

Sambany eto amin'ny tantaran'ny Antenimierampirenena no nisy fivoriana atao amin'ny alalan'ny teknolojia ampitain-davitra toy izao. Mety ho sarotsarotra amintsika ihany izany etỳ amboalohany kanefa mino aho, fa tsy ho ela dia ho zatra sy hahafehy tanteraka ity fomba ity isika. Ny fiainana moa fianarana mandrakariva, ka araraotina izao tranga izao hahazan-javatra ary horaisintsika amin'ny lafy tsarany hatrany ny zava-misy rehetra.

Manoloana izany indrindra, hisy Tolo-pehin-kevitra na "Proposition de Résolution" mbola hodinihantsika miaraka ho fanatanterahana ity fotoam-pivoriana ampitain-davitra ity. Hampitaina any amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana izany hakana ny heviny ary ho hitantsika eo ny valiny.

Tsy sitrapo na haingitraingitra akory sanatria ny antony irosoantsika amin'izao fivoriana ampitain-davitra izao. Voamarina mantsy fa isaky ny fotoam-pivoriana dia misy hatrany ny Solombavambahoaka sy mpiasan'ny Antenimierampirenena voan'ny aretina ary tao mihitsy aza, araka ny voalaza tamintsika teo, no namoy ny ainy noho izany. Isika Solombavambahoaka anefa mpivezivezy any amin'ny Distrika nahavoafidy antsika, izay tsy maintsy mandalo tanàna maro, ka sao sanatria tsy isika indray no fitaovana hamindra ny aretina eto amin'ity Madagasikara Nosintsika ity. Hisorohana izany rehetra izany indrindra no anton'izao fandraisana fanapahan-kevitra izao satria ny fotoam-pivoriana ara-potoana dia didian'ny Lalàmpanorenana tsy maintsy atao, araka ny andininy faha-75 izay vao avy novakiana teo.

Hita tokoa mantsy ankehitriny, fa sehatra maro no efa miroso amin'ny fanatanterahana fivoriana amin'ny alalan'ny teknolojia ampitain-davitra tahaka izao, toy ny: "Conseil des Ministres", ny fivorian'ny Firenena Mikambana; eny fa na ny mpianatra kilonga madinika sy ny anjeri-manontolo aza dia efa ampitain-davitra amin'izao hamehana izao ny fampianarana. Maro ireo Antenimierampirenena any amin'ny tany andalam-pandrosoana toa antsika, efa miroso tanteraka amin'ity fivoriana ampitain-davitra ity; ka tsy ho ambakan'ny fahaizamaon'ny sehatra hafa akory ny Antenimierampirenena ary hisedra izay handrefesan'ny vahoaka ny lentantsika koa ity fomba fiasa vaovao ity; na eo aza izany, ezahantsika ny hampihatra antsakany sy andavany ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena amin'ny fanatanterahana ny fivoriana rehetra.

Anisan'izany ohatra ny fahafahan'ny Solombavambahoaka mifidy amin'ny fomba ara-dalàna ireo volavolan-dalàna izay hodinihana eto; toy izany koa ny fahafahan'ny daholobe manaraka ny fivoriana itambarambe, "séances plénières", amin'ny alalan'ny tambazotra-pifandraisana samihafa ary koa ny fampitana mivantana ireo fivoriana sasany toy izao hitantsika izao.

Koa eto dia maneho fisaorana sahady ho an'ireo hanao tan-tsoroka amintsika hahatontosa izany hatramin'ny farany. Isaorana amin'izany ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, ny Minisiteran'ny Paositra sy ny Fifandraisan-davitra ary ny Fampandrosoana Ara-kajy Mirindra, ny Minisiteran'ny Serasera sy ny Kolotsaina.

Tompokolahy sy Tompokovavy;

Manoloana an'izao hamehana ara-pahasalamana izao, miezaka hatrany ny Birao Maharitra mampihodina ny Antenimierampirenena na dia eo aza ny sakana maro samihafa aterak'izany.

Mikasika izany indrindra, tsara raha anaovana tatitra isika Solombavambahoaka manoloana ireo asa vita teto anivon'ny Antenimierampirenena nandritra ny fotoana tsy nisian'ny fivoriana izay.

Voalohany, misy ny “Guide” na torolalana ho fanampiana antsika Solombavambahoaka amin’ny fanatanterahana ny asa. Boky miisa telo (03) izy ireo, ka ao ny mikasika ny asan’ny Solombavambahoaka amin’ny ankapobeny, eo ihany koa ny momba ny Vaomiera Maharitra ary ny Fitsipika Anaty Lasitra ho an’ny Vondrona Parlementera, na ny atao hoe: “Guide des Députés, Guide des Commissions Permanentes et Règlement Intérieur Type du Groupe Parlementaire». Niainga avy tamin’ny antontan-kevitra ny Solombavambahoaka tamin’ireo dinik’asa natao tamin’ny taona 2020 lasa iny izany. Isaorantsika eto ny «Fondation Friedrich-Ebert Stiftung (FES)» tamin’ny fanontana ireo boky ireo satria tena zava-dehibe ilaintsika amin’ny asa tokoa izany.

Faharoa, efa nivoaka ihany koa ny laharana faha-14-n’ny Gazety Bokintsika Antenimierampirenena izay ahitana lahatsoratra maro mikasika ny asa ataontsika ato amin’ity Andrimpanjakana ity. Manentana anareo Solombavambahoaka ny tenako mba hamaky azy ireny rehefa mahavoaray izany ary hisintona izay mahaso ao anatin’ny mba ahafahantsika manatsara hatrany ny asa hataontsika eto anivon’ny Antenimierampirenena. Halefa amin’ny alalan’ny Mailaka any aminareo izy ireo mandrapahatonganareo eto Antananarivo amin’ny Antenimierampirenena haka ny anjara Gazety Bokinareo.

Manaraka, ankoatra ireo dia manohy hatrany ny fifandraisana amin’ny any ivelany amin’ny alalan’ny “Visio conférence” ho an’ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin’ny Komity Mpanatanteraky ny “Forum Parlementaire de la SADC” sy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin’ny Vaomiera Maharitry ny “Forum Parlementaire de la SADC”. Ao koa ny fivoriana eo anivon’ny APF na ny “Assemblée Parlementaire de la Francophonie” sy ny UIP na ny “Union Interparlementaire” izay ao anatin’ny fanaovana fivoriambe koa amin’izao fotoana izao.

Farany, heveriko fa tsara ihany raha tsy hatao tompon-trano mihono ianareo Solombavambahoaka namana tamin’ny fahazahoan’ny Filohan’ny Antenimierampirenena Malagasy ny “Attestation de Service Rendu” noho ny asa vita tamin’ny naha mpikambana tao amin’ny Komity Mpanatanteraka eo anivon’ny “Forum Parlementaire de la SADC”. Reharehan’ny Antenimierampirenentsika izany ary tsy mikely soroka hatrany izahay amin’ny asa fisoloan-tena ity Andrimpanjakana ity eo amin’ny sehatra iraisam-pirenena.

Izay ny mikasika ny asa vita, fa raha hitodika amin’ny asa miandry kosa ny tenako mandritra ity fotoam-pivoriana ity dia toa izao izany:

- Ao ny tatitra mikasika ny fanatanterahan’ny Governemanta ny fandaharan’asany izay arahana adihevitra eto amin’ny Antenimierampirenena, araka ny andininy faha-101 ao amin’ny Lalàmpanorenana.
- Ao koa, mazava hoazy, ny Lalàna ifehezana ny Tetibolam-panjakana fanitsiana na ny “Loi de Finances Rectificative”.
- Ao ihany koa ny Tolo-dalàna maromaro avy amintsika Solombavambahoaka izay any amin’ny Antenimierandoholona, ka inoana fa hodinihan’izy ireo izany ary hiverina atỳ amintsika raha toa misy fanovàna ataony.

Ohatra ihany no omeko amin’izany:

Ao ny «Proposition de loi n°001-2019/PL portant Statut de l’Opposition et des Partis d’Opposition»;

Ao ihany ny «Proposition de loi n°003-2019/PL relative à la production et à la commercialisation du Toaka Gasy»;

Misy ny Tolo-dalàna izay vao napetraky ny Solombavambahoaka teo anelanelan'ny volana Desambra sy izao fotoam-pivoriansika izao, ka ho tafiditra amin'ny fandaharam-potoanantsika izany dia ny «Proposition de loi n°001-2021/PL relative à la Nationalité Malagasy». Izany hoe, «refonte du Code de Nationalité Malagasy» izy io.

Hodinihina ihany koa ireto Volavolan-dalàna ireto:

- «Projet de loi n°17/2020 du 18 novembre 2020 relative à la Politique Culturelle Nationale».
- «Projet de loi n°004/2020 du 20 mai 2020 autorisant la ratification de la convention de rétrocession de la facilité de crédit rapide FCR, conclue le 30 avril 2020 entre l'Etat Malagasy représenté par le Ministre de l'Economie et des Finances et la Banky Foiben'i Madagasikara (BFM)».
- «Projet de loi n°001/2021 du 03 février 2021 autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement de l'opération de réponse urgente pour affronter la pandémie Covid-19, conclu le 22 octobre 2020 entre la République de Madagascar et la Banque Arabe pour le Développement en Afrique (BADEA)».

Ireo dia vary mangatsiaka, fa ao koa ny volavolavolan-dalàna vaovao tonga teto amin'ny Biraon'ny Antenimierampirenena:

- «Projet de loi n°004/2021 du 31 mars 2021 autorisant la ratification de l'accord de coopération dans le domaine de l'aménagement du territoire, signé à Rabat le 04 avril 2006, entre le Royaume du Maroc et la République de Madagascar».

Ao hany koa ny:

- «Proposition de Résolution tendant à la création d'une Commission d'enquête parlementaire sur les activités des opérateurs en Télécommunications, présentée par le Député Doda Andriamiasoa, élu à Manjakandriana, et consorts».
- «Proposition de Résolution portant création d'une Commission d'enquête parlementaire sur le trafic d'or à Madagascar, présentée par le Député Mohamad Ahmad, élu à Fénérive-Est».

Ao koa, ny asan'ny «Commission d'enquête» izay natsangana tamin'ny fotoam-pivoriana farany ka handrasantsika ny tatitry ny asan'izy ireo amin'ity fotoam-pivoriana ity. Io dia mikasika ny fanaraha-maso ny orinasa "Ravinala Airports".

Eo koa, ny fandinihantsika amin'ny alalan'ny fivoriambe ny asan'ny "Commission de mise en accusation devant la Haute Cour de Justice". Marihako fa tsy eto Madagasikara irery ihany no misy ny «mise en accusation» mandalo eny amin'ny Antenimierampirenena io, fa saika manerana ny firenena Demokratika rehetra, ka tokony hotanterahina antsakany sy andavany ny asa nankinina tamintsika mikasika io antontan-taratsasy io na ny «dossiers» izany.

Ao ihany koa ny fifidianana ny ho Filoha Lefitry ny Antemierampirenena ho an'ny Faritanin'i Toamasina izay toerana mbola banga mandrakankehitriny.

Tompokolahy sy Tompokovavy;

Hitantsika amin'izany, fa maromaro ny asa miandry amin'ity fotoam-pivoriana izay voafetra ho enimpolo andro ity, koa manentana antsika Solombavambahoaka rehetra ny tenako mba havitrika sy hifantoka tanteraka amin'ny asa, fa aim-pirenena no dinihana sy heverina.

Raha eo amin'ny raharaham-pirenena kosa, Tompokolahy sy Tompokovavy, no hasiana teny fohy dia toy izao no hevitra: raha niantso ny Filohampirenena hajaina amin'ny tokony hampitsaharana aloha ny fanakorontanana amin'ny endriny samihafa, heverina fa antso ho amin'ny firaisankina izany. Marina fa samy manana ny heviny ny tsirairay, fa manoloana ny ady sarotra atrehintsika izao dia tsara ny mifanome tana, ny mamondrona ny hery satria ny firaisankina no hery. Ny fitondram-panjakana efa hita fa manao ezaka amin'ny fomba rehetra hiadiana amin'izao valan'aretina izao, tsy mikely soroka izy ireo, ka aza odian-tsy hita izany ezaka goavana tontosainy hiadiana amin'ity valan'aretina ity izany; na amin'ny fametrahana ireo fepetra isan-karazany na amin'ny alalan'ny fampitaovana izany. Anisan'izany ny fahatongavan'ireo fitaovana tsy miato hatrany ivelany, «concentrateurs d'oxygène», ao ny «bouteilles d'oxygène» izay mbola tsy ela, fa vao omaly no nahatongavany. Toy izany koa ny nametrahana ireny «Hopital-Hôtel» ireny sy ny nampitomboana ireo «CTC-19» izay tsy mijanona eto amin'ny Renivohitra intsony ankehitriny fa manomboka mipetraka any amin'ny Faritra.

Ho antsika Solombavambahoaka namana, manana adidy goavana koa isika manoloana izao ady izao; na amin'ny lafiny fanampiana na fanentanana, fa indrindra ny fihainoana ireo hetahetan'ny vahoaka any amin'ny Distrika misy antsika tsirairay avy. Tafiditra amin'ny anjara andraikitsika amin'ny maha Solombavambahoaka antsika izany. Tsy hataontsika ambanin-javatra ihany koa ny fanaraha-maso ny asan'ny Governemanta. Raha hita fa mitombo mantsy ny fahefan'ny Mpanatanteraka ao anatin'izao vanim-potoana hamehana toy izao dia tokony hitombo torak'izany koa ny fanaraha-maso hataon'ny fahefana Mpanao lalana. Koa manentana ny Kaomisiona Maharitra tsirairay, eo amin'ny sehatra misy azy ireo tsirairay avy, mba hilofo amin'izany asa fanaraha-maso izany.

Etoana, manararaotra izahay ato amin'ny Antenimierampirenena, mampahatsiahy mandrakariva antsika vahoaka Malagasy mba ho mailo hatrany manoloana izao valan'aretina izao ary mitaona ny tsirairay hanaja antsakany sy andavany hatrany ireo fepetra voalaza.

Ao tokoa mantsy ireo mitsikera bontolo fotsiny kanefa tsy manome sosokevitra. Faly mandoto sy manankorotana ny saim-bahoaka. Ao koa ireo mandika tsotr'izao ny fepetra takian'ny fahamehana ara-pahasalamana, manararao-paty ao anatin'izao fahasarotana lalovan'ny Firenena izao, mila voa tsy hary hanararaotra ny hampitangorona olona, manentana ny vahoaka hanatona an-drafahafatesana.

Fitoniana no tadiavina izao, ka miara-miatrika ny ady amin'ity valan'aretina ity isika rehetra dia ny mpitondra, ny vahoaka ary ny mpanao politika izany. Adidin'ny mpitondra fanjakana no manampy sy manoro lalana, fa anjarantsika vahoaka koa ny miaro ny tenantsika sy ny ankohonantsika amin'ny fanajana ireo fepetra voalaza.

Tompokolahy sy Tompokovavy;

Toy izay ary ny mikasika ny asa sy ny hafatra fohy. Koa eto ampamaranana dia mankahery ny vahoaka malagasy sy isika tsirairay avy izahay manoloana izao zava-tsarotra diavintsika rehetra izao. Mivavaka sy mino isika mba ho foana haingana eto amin'ny firenena izao loza sy aretina manjo izao ary araka ny voalazan'Andriamatoa Filoha izay ambetin-teniny matetika hoe: ny mivavaka am-pinoana dia tsy tanteraka raha tsy arahana asa izany. Voalaza ao amin'ny Bokin'i Jakoba, Toko faha-2, andininy faha-20 izany ary manao hoe: moa tsy fantatrao ve fa tsy vanona ny finoana tsy misy asa.

Tsy kely fa lehibe indrindra dia fanolorana fisaorana ho anareo Mpitsabo sy ny Mpitsabo Mpanampy tsy mitandro hasasarana ary ny mpitandrofilaminana ihany koa, tsy mikely soroka ianareo manao ny asanareo ary eny amin'ny “front” mihitsy, miady amin'ny valan'aretina ianareo. Koa mankahery anareo, Tompoko ary mivavaka ho anareo.

Ny tena lehibe indrindra ary farany, Andriamatoa Filoha hajaina Andry RAJOELINA, mivavaka ho anao izahay sy ireo mpiara-dia aminao ihany koa amin'ny ady mafy amin'ny fanoherana ity valan'aretina ity. Jehovah Andriamanitra anie homba anareo ary homba anao ry lehilahy mahery

Mirary soa ho antsika rehetra koa mba ho samy salama mandrakariva ry Solombavambahoaka namana ary hahatontosa antsakany sy andavany hatramin'ny farany ny adidy miandry antsika mandritry ny fotoam-pivoriana ary tsy hahasika antsika izany valan'aretina mandoza izany.

Misaotra Tompokolahy.

Mankasitraka Tompokovavy.

Ary samia hotahian'Andriamanitra Andriamatoa sy Ramatoa isany Solombavambahoaka.

Ambarako fa misokatra ny fotoam-pivoriana ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena, taona 2021.

- 4 -

- Fiatoan'ny fivoriana -

Ramatoa FILOHA

Alohan'ny hiatoan'ny fivoriana dia ampahafantarina isika fa hisy ny fivorian'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena izay hatao anio hariva amin'ny 6 ora ary rahampitso Alarobia 5 Mey 2021 amin'ny 10 ora, maraina, no hatao ny Diniky ny Filoha mba handinihantsika ny volavolam-pandaharam-potoana.

Marihana fa mbola hatao amin'ny alalan'ny fivoriana ampitain-davitra na "visio conférence" avokoa ireo rehetra ireo.

Miato hatreto ny fivoriantantsika.

Misaotra antsika rehetra naharitra nihaino hatramin'ny farany.

Misaotra Tompokolahy.

Mankasitraka Tompokovavy.

Niato tamin'ny 12 ora sy 5 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.

- Lakolosy -

NY FILOHA



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona